FINOANA VELONA

CHRISTIAN

HOLINESS

MISSIONAL

Finoana
Velona

Christian
Holiness
Missional

(Core Values)

Malagasy

Re-printed with Permission by
Africa Nazarene Publications
P O Box 1288 Florida 1710
Republic of South Africa

ISBN-978-0-7977-1184-6

Izay inoan’ny Nazareana

Ny fikambanana izay naharitra hatramin’izay dia miorina amin’ny fiombonan’ny tanjona, finoana, ary ny soatoavina lalina izay ifampizaran’ireo anatiny. Toy izany koa ny amin’ny Fiangonan’ny Nazareana. Natao hanova izao tontolo izao amin’ny fampielezana ny fahamasinana ara-tSoratra Masina izy io. Sady fiangonana mamita ilay Iraka Lehibe izy no fiangonana mandàla ny Fahamasinana koa. Ny iraka tanterahantsika dia ny manao mpianatra ny firenena rehetra hanahaka an’i Kristy.

Voafaritry ny fandraisana anjara amin’ny irak’Andriamanitra ny fiainan’ny Fiangonan’ny Nazareana ankehitriny sy ho avy. Noho izany, dia fampisehoana ny Fiangonan’i Jesosy Kristy izy ary fikambanana izay tsy miavaka fotsiny noho izay inoany fa noho izy tsy mandray anjara afa-tsy amin’ny fampandroasana ny fanjakan’Andriamanitra irery ihany.

Satria eo an-dalam-pidirana amin’ny arivo taona vaovao ny Fiangonan’ny Nazareana, dia tsara raha faritana ireo fiavahana izay arahintsika sy ankalazaintsika am-pifaliana ireo. Dia ireo harena sarobidy indrindra – ny iraka tanterahintsika, ny antso, ny finoana, ary ny sotoavina ambony indrindra – izay atolontsika am-pifaliana ho fanomezana ho an’ireo taranaka mandimby.

Mivavaka isika mba hitohy ho fanilo mpanazava ireo izay tsy maintsy hamakivaky ny hazavana sy ny aloka amin’ny taonjato ho avy ny sotoavintsika fototra.

Ny Sotoavina Fototra

1. Vahoaka Kristiana isika

Amin'ny maha-mpikambana antsika ao amin'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao, dia miombona amin'ny tena mpino rehetra isika amin'ny fanambarana ny maha-Tompo an'i Jesosy Kristy sy amin'ny fanarahana ny fanekem-pinoana Kristiana mikasika ny finoana ny Telo izay Iray. Manome lanja ny Fahamasinana Wesleyana nolovaintsika isika ary mino fa fomba iray hahazoana ilay finoana izay mifanaraka amin'ny Soratra Masina, ny fisainana, ny lovan-tsofina, ary ny trai-kefa io.

2. Vahoaka mandàla ny Fahamasinana isika

Miantso antsika ho amin'ny fiainam-pahamasinana ilay Andriamanitra, izay Masina. Mino isika fa ny Fanahy Masina dia mikatsaka ny hanatanteraka asam-pahasoavana faharoa ao anatintsika, izay antsoina amin'ny anarana isan-karazany ao anatin'izany ny hoe "fanamasinana tanteraka" sy "batisan'ny Fanahy Masina" – manadio antsika amin'ny ota rehetra; manavao antsika ho araka ny endrik'Andriamanitra; manome antsika hery sy ny fahafahana hitia an'Andriamanitra amin'ny fontsika, ny fanahintsika, ny saintsika, ny herintsika manontolo sy hitia ny namantsika tahaka ny tenantsika; ary mamokatra ny toetran'i Kristy ao anatintsika. Ny fanahafana an'i Kristy no manazava indrindra ny Fahamasinana eo amin'ny fiainan'ny mpino.

3. Vahoaka mamita Iraka isika

"Vahoaka irahina" isika, ka mamaly ny antson'i Kristy sy ampaherezin'ny Fanahy Masina handeha any amin'izao tontolo izao, mijoro vavolombelona ny amin'ny maha-Tompo an'i Kristy ary miara-miasa amin'Andriamanitra amin'ny fanorenana ny Fiangonana sy fanitarana ny Fanjakany (II Korintiana 6:1). Ny iraka omena antsika dia

(a) manomboka amin'ny fiankohofana*,(b)* manao fanompoana amin'izao tontolo izao amin'ny fitoriana ny filazantsara sy fiantrana, (*c*) mamporisika ny mpino handroso any amin'ny

fahamatorana Kristiana amin'ny alalan'ny fanaovana mpianatra, ary *(d)* manomana vehivavy sy lehilahy ho amin'ny asa fanompoana Kristiana amin'ny alalan'ny fampianarana Kristiana ambony kokoa.

Famoaboasan-kevitra

1. Vahoaka Kristiana isika

Miombona amin'ny mino rehetra isika amin'ny fanambarana ny maha-Tompo an'i Jesosy Kristy. Mino isika fa amin'ny fitiavany, Andriamanitra dia manolotra famelan-keloka sy famitrà-pihavanana ho an'ny olona rehetra. Koa rehefa vita fihavanana amin'Andriamanitra isika, dia mino fa tokony hihavana, hifankatia tahaka ny itiavan'Andriamanitra antsika, mifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamantra ny helontsika. Mino isika fa tokony hanome ohatra ny toetran'i Kristy ny fiainantsika miaraka. Miara-mijoro amin'ny Kristiana maneran-tany isika amin'ny fanamafisana ny fanekem-pinoana mikasika ny Telo izay Iray sy izay inoana ao amin'ny Finoana Kristiana ary manome lanja lalina ny Fahamasinana Wesleyana nolovaintsika avy amin'ny lovan-tsofina. Ny Soratra Masina no raisintsika ho loharanom-pahamarinana ara-panahy voalohany izay nohamafisin'ny fisainana, ny lovan-tsofina, ary ny trai-kefa.

Miara- manaiky sy midera an'i Jesosy Kristy Tompo amin'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra isika.

Jesosy Kristy no Tompon'ny Fiangonana, izay iray, masina, manerana izao tontolo izao, ary apostolika, araky ny ambaran'ny Fanekem-pinoana Apostolika amintsika. Ao amin'i Jesosy Kristy sy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, no anoloran'Andriamanitra Ray famelan-keloka sy famitrà-pihavanana ho an'izao tontolo izao. Ireo izay mamaly am-pinoana ny tolotr'Andriamanitra no lasa vahoakan'Andriamanitra. Mifamela sy mifampihavana isika rehefa voavela heloka sy vita fihavanana ao amin'i Kristy. Arak'izany, dia Fiangonana sy Tenan'i Kristy isika ary maneho

ny firaisan'izany Tena izany. Amin'ny maha-tena iray ny Tenan'i Kristy, dia "iray ny Tompo, iray ny finoana, iray batisa." Manamafy ny firaisan'ny Fiangonan'i Kristy isika ary miezaka ny miaro azy amin'ny zavatra rehetra (Efesiana 4:5,3).

Jesosy Kristy no Tompo masina. Noho izany antony izany, dia tsy iray fotsiny ny Fiangonan'i Kristy fa masina koa. Natao ho masina ny momba ny tenany rehetra ary izy manontolo, masina hatrany amin'ny mpikambana ao aminy ka hatrany amin'ny Lohany. Sady masina ny Fiangonana no antsoina ho masina ihany koa. Masina izy satria Tenan'i Kristy, izay tonga fahamarinana sy fahamasinana ho antsika. Antsoin'Andriamanitra ho masina izy, dia Andriamanitra izay efa nifidy antsika talohan'ny fanorenana izao tontolo izao mba hahatonga antsika ho masina sy tsy manan-tsiny. Satria Tenan'i Kristy iray isika, ny fiainantsika miaraka amin'ny maha-fiangonana antsika dia tokony haneho ny toetra masin'i Kristy, izay nanafoana ny tenany sy naka ny endriky ny mpanompo.

Amafisintsika ny maha-fanomezana sy fiantsoana ny fahamasinan'ny Fiangonan'i Kristy.
Jesosy Kristy no Tompon'ny Fiangonana. Noho izany antony, izany, ny Fiangonana dia tsy iray sy masina fotsiny,fa manerana izao tontolo izao koa, ka tafiditra ao anatin'izany ireo izay manaiky ireo foto-pinoana ao amin'ny Finoana Kristiana. Manaiky ny finoana apostolika izay notanan'ny Kristiana rehetra, tamin'ny toerana rehetra sy tamin'ny fotoana rehetra isika. Manaraka ny foto-kevitr'i John Wesley mahakasika ny fanahy mahahenika izao tontolo izao isika, ka izay no iombonantsika amin'ireo rehetra izay manohana ny maha-ivo ny Soratra Masina, ary leferintsika kosa ireo izay tsy miombon-kevitra amintsika mahakasika ny zavatra tsy tena iankinan'ny famonjena.

Jesosy Kristy no Tompon'ny Soratra Masina. Noho izany antony izany, dia tsy iray sy masina ary manerana izao tontolo izao fotsiny ny Fiangonana fa apostolika koa. Miorina amin'ny

fiorenan'ny apostoly sy ny mpaminany izy ary tsy mitsahatry ny manolo-tena ho an'ny fampianaran'ny Apostoly. Mitodika any amin'ny Soratra Masina indrindra ny Fiangonana; ny Soratra Masina izay hany fitsipi-pinoana sy fiainana arahina ho an'ny Fiangonana. Ny maha-Tompo an'i Jesosy ao amin'ny Soratra Masina dia midika fa amin'ny alalan'ny fanambaran'ny Fanahy Masina ny amin'i Jesosy no tokony andraisantsika ny Soratra Masina. Hanamafisana sy hanitsiana ny fahazoantsika ny Soratra Masina, dia hajaintsika sy henointsika tsara ireo fanekem-pinoana fahiny sy ireo feon'ny lovan-tsofina Kristiana hafa izay manazava marina ny Soratra Masina. Avelantsika ho tarihin'ny feon'ny Fanahy Masina ihany koa ny fahazoantsika ny Soratra Masina; dia ny feon'ny Fanahy Masina izay miteny amintsika amin'ny fibebahana, finoana, ary fahatokiana. Farany, dia amin'ny fitadiavana ny fahamarinana sy ny fifanarahan'ny fanambarany mikasika an'i Jesosy Kristy no itsapantsika ny fahazoantsika ny Soratra Masina.

Antsoina indrindra hanambara ny fahamasinan'ny Fiangonan'i Kristy araka izay voalaza ao amin'y lovan-tsofina Wesleyana isika. Ekentsika ny fitsipiky ny famonjena amin'ny finoana irery ihany amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy ho Mpamponjy antsika. Rehefa manao izany isika, dia manambara hatrany fa iray, sy manerana izao tontolo izao, ary apostolika ny Fiangonan'i Kristy. Fa ny iantsoana antsika manokana dia ny haneho eo imason'izao tontolo izao sy eo imason'ny Fiangonana ny maha-ivo ny fahamasinana ary hamporisika ny vahoakan'Andriamanitra hiaina ao anatin'ny fahafenoan'ny fitiavana masin'ny Ray. Izany no antony anekentsika ny fandraisan'ny Fahamasinana –Wesleyana ny finoana Kristiana sy ikatsahantsika ny hitoetra ho marina hatrany amin'ny fampiarany fototra: ny fahasoavan'Andriamanitra mialoha sy ny fitaovam-pahasoavana, ny fibebahana, ny finoana, ny fahateraham-baovao, ny fanamarinana, fahazoana antoka, ny fiarahamonina Kristiana sy ny fitsi-pifehezany, ary ny fahalavorarian'ny fitiavana.

2. Olon’ny Fahamasinana isika

Antsoin’ny Soratra Masina sy taritin’ny fahasoavana isika hanompo an’Andriamanitra sy hitia Azy amin’ny fontsika, ny fanahintsika, ny saintsika, ary ny herintsika rehetra ary hitia ny namantsika tahaka ny tenantsika. Izany no antony anolorantsika tena feno sy tanteraka an’Andriamanitra, ka inoantsika fa afaka ny ho “voamasina tanteraka” isika ao anatin’ny fahatsapana lehibe faharoa. Mino isika fa ny Fanahy Masina dia mandresy lahatra, manadio, mameno ary manome hery antsika raha manova antsika tsikelikeky ho tonga olona feno fitiavana sy manana fifehezan-tena ara-panahy, fahadiovana ara-moraly sy ara-etika, ary feno fiantrana sy mandàla ny fahamarinana. Ny asan’ny Fanahy Masina no mamerina antsika ho araka ny endrik’Andriamanitra sy mamokatra ny toetran’i Kristy ao anatintsika. Ny fanahafana an’i Kristy no mahazava indrindra ny fahamasinana eo amin’ny fiainan’ny mpino.

Isika dia mino an’ilay Andriamanitra Ray, Mpahary, izay mampisy ny tsy misy. Tsy nisy isika taloha, kanefa nataon’Andriamanitra nisy, noforoniny ho an’ny tenany, ary nataony araka ny Endriny. Nomena iraka hitondra ny endrik’Andriamanitra isika: “Fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, dia manamasìna ny tenanareo, ka dia ho masina hianareo, satria masina Aho” (Levitikosy 11:44)

Mifototra ao amin’ny fahamasinan’Andriamanitra Izy tenany ny fangetahetantsika ho vahoaka masina. Ny fahamasinan’Andriamanitra dia manondro ny maha-Andriamanitra Azy, ny mampiavaka tanteraka Azy. Tsy misy toa Azy amin’ny halehibiazany sy ny voninahiny. Ny tokony ho fihetsiky ny olombelona tokony eo anatrehan’izany fahamendrehana izany dia fankohofana amin’Andriamanitra amin’ny maha-Andriamanitra Azy. Miseho ao amin’ny asa-panavotany ny fahamasinan’Andriamanitra. Ny fifanenana amin’ilay Andriamanitra izay maneho sy manolotra ny Tenany no mampisy ny fankohofana, ary lasa ny fankohofana no

fomba voalohany hahafantarana Azy. Amin'ny fitiavantsika izay Tiany no iankohofantsika amin'ilay Andriamanitra masina sy mpamonjy.

Maka endriny maro ny fiankohofantsika amin'ilay Andriamanitra lehibe sy tsara fanahy. Fiderana sy vavaka miaraka amin'ny mpiray finoana izy io matetika. Miseho amin'ny fotoam-bavaka manokana, fisaorana sy fiderana, ary fankatoavana ihany koa. Samy fiankohofana eo anatrehan'ilay Andriamanitry ny fahamasinana lehibe avokoa na ny fizarana ny finoana amin'ny alalan'ny fitoriana, ny fiantrana ny hafa, ny fampanjakana ny rariny, ary ny fahamarinana ara-moraly. Na dia ireo asa fanao amin'ny andavanandro aza dia lasa fiankohofana sy maka dikany masina satria lasa fomba fiainana mihitsy ny fiankohofana amin'ilay Andriamanitra masina.

Naneho an'ilay hany Andriamanitra masina tamintsika Jesosy Kristy ary nanome modelin'ny fiainana ao anaty fiankohofana ho antsika. Nampahafantarin'i Jesosy antsika tamin'ny alalan'ny Fiainany, ny sorona nataony, ary ny fampianarany araka izay hita ao amin'ny Filazantsara, indrindra ny tori-teny teny an-Tendrombohitra, ny atao hoe fahamasinana. Amin'ny maha-vahoaka mpandàla ny fahamasinana antsika dia mikatsaka ny ho tahaka an'i Jesosy isika amin'ny fihetsika sy ny ataontsika rehetra. Amin'ny fahasoavany, Andriamanitra dia manome fahafahana ny mpino izay miankohoka Aminy amin'ny fony manontolo hiaina fiainana manahaka an'i Kristy. Izay ilay lazaintsika hoe fototry ny fahamasinana.
Nomen'Andriamanitra an'ilay safidy ihany koa isika,dia safidy izay fanomezana no andraikitra. Satria teraka miaraka amin'ny fironana hanota isika, dia mirona any amin'ny fisafidianana ny lalantsika fa tsy ny an'Andriamanitra (Isaia 53:6). Satria nosimbaintsika tamin'ny otantsika ilay voaharin'Andriamanitra, dia matin'ny fahadisoana sy ny fahotana isika (Efesiana 2:1). Mba hahatonga antsika ho velona ara-panahy indray dia tsy maintsy mamerina mamorona antsika indray tamin'ny

alalan'ny asa-panavotan'ny Zanany lahy ilay Andriamanitra, izay mampisy ny tsy misy.

Mino isika fa Andriamanitra mihitsy no tonga teto amin'ny tontolontsika tamin'ny alalan'ny fahatongavan'ny Zanany lahitokana ho nofo, dia i Jesosy avy any Nazareta, ilay sady olona no Andriamanitra. Tonga hanavao ilay endrik'Andriamanitra ao anatintsika Jesosy, mba hahafahantsiak ho tonga vahoaka masina. Mino isika fa vokatry ny fahatsapana iray lehibe sy ambaratonga lava sy mitohy eo amin'ny fiainana ny fahamasinana eo amin'ny fiainan'ny mpino. Aorian'ny fahaterahana indray isika, dia taomin'ny Fanahin'ny Tompontsika, amin'ny fahasoaviny, ho amin'ny fanolorana tanteraka ny fiainantsika ho Azy. Avy eo, Izy dia madio antsika amin'ny ota fototra ao amin'ny asa fanamasinana tanteraka ataon'Andriamanitra, na ny antsoina ihany koa hoe batisa amin'ny Fanahy Masina, ary mitoetra ao anatintsika amin'ny fanatrehany masina. Ataony tanteraka amin'ny fitiavana isika, omeny fahafahana hiaina amin'ny fahamarinana ara-moraly, ary omeny hery hanompo!

Miasa ao anatintsika hamokatra ao amintsika ilay toe-pitiavany masina ny fanahin'i Jesosy. Omeny fahafahana "hitafy ny toetra vaovao, izay noforonina araka an'Andriamanitra amin'ny fahitsiana sy ny fahamasinana" isika (Efesiana 4:24). Ny hoe tahaka an'Andriamanitra dia tahakan'i Jesosy. Rehefa tafaverina ao amintsika tamin'ny alalan'ilay asam-panamasinana tanteraka nataon'Andriamanitra ilay endrik'Andriamanitra, dia ekentsika fa tsy mbola vita hatreo ny diantsika ara-panahy; ny tanjontsika eo amin'ny fiainana dia ny hanahaka an'i Kristy amin'ny teny, fisainana, ary ny asa rehetra. Rehefa mitohy manaiky, mankato, ary mino hatrany isika, dia mino fa "ovana hahazo izany endrika izany indrindra [an'i Kristy] avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra" (II Korintiana 3:18). Mandray anjara bebe kokoa hatrany amin'io ambaratonga io isika rehefa miaina fiainam-piankohofana izay miseho amin'ny endriny maro, ao anatin'izany ny fanarahana ireo fitsipi-pifehezana ara-panahy

sy ny fiarahana ary ny fandraisana andraikitra ao amin'ny fiangonana eo an-toerana. Satria Tenan'ny Mpino ao amin'ny kaogregasiona iray voafaritra isika, dia miezaky ny ho fiarahamonina manahaka an'i Kristy, mankalaza an'Andriamanitra amin'ny fontsika manontolo ary mandray ny fanomezana omeny, dia ny fitiavana, fahadiovana, hery, ary fiantrana.

Amin'ny maha-olona mandàla ny fahamasinana antsika, dia manan-tantara isika fa tsy misimisy foana. Miaraka amin'ny Fiangonana Voalohany ao amin'ny Testamenta Vaovao. Mametraka antsika mazava ao amin'ny fivavahana Kristiana klasika ny fanambaram-pinoantsika. Miombona amin'ny finoana Armeniana mikasika ny fahasoavana mamaimpoana (Jesosy maty ho an'ny rehetra) sy ny fahalalahan'ny olombelona isika – dia ilay fahafahana nomen'Andriamanitra ny rehetra hisafidy an'Andriamanitra sy ny famonjena. Mamaritra ny lovantsika ara-tantara amin'ny Fifohazam-panahy Wesleyana tamin'ny taonjato faha-18 sy amin'ny Hetsika ho amin'ny Fahamasinana tamin'ny taonjato faha-19 sy faha-20 koa isika.

Tao anatin'ireo taonjato nifandimby dia lasa "masaka tao an-tsaintsika" i Jesosy. Miankohoka isika, dia amin'i Jesosy! Tia isika, dia Jesosy! Mieritreritra isika, dia Jesosy! Miresaka isika, dia Jesosy! Miaina isika, dia Jesosy! Izany no fototra sy fitosahan'ny fahamasinana ho antsika. Izay no mamaritra ny olon'ny Fahamasinana.

3. Vahoaka mpanatanteraka iraka isika

3a. Ny iraka fiankohofana

Miantomboka amin'ny fiankohofana /fanompoam-pivavahana ny iraky ny fiangonana eo amin'izao tontolo izao. Rehefa isika miara-miangona eo anatrehan'Andriamanitra ao anaty fanompoam-pivavahana iny – mihira, mihaino ny famakiana ny Baiboly am-pahibemaso, manome ny am-pahafolon-karena sy ny fanatitra, mivavaka, mihaino tori-teny, manao batisa, ary

miombona latabatra amin'ny Tompo – vao tena fantatsika mazava ny dikan'izany hoe vahoakan'Andriamanitra izany. Mino isika fa amin'ny alalan'ny kaongregasiona manao fanompoam-pivavahana no ahatanterahan'ny asan'Andriamanitra voalohany eo amin'izao tontolo izao, ary izay finoana izay dia mitarika antsika hahazo fa tafiditra ao anatin'ny iraka omena antsika ny fandraisana mpikambana vaovao hiaraka amintsika ao amin'ny fiangonana sy ny fandaminana fiara-midera vaovao.

Ny fiankohofana/fanompoam-pivavahana no fanehoana ambony indrindra ny fitiavantsika an'Andriamanitra. Fankalazana mifantoka amin'Andriamanitra io ho fanajana ilay Iray izay mamonjy antsika amin'ny fahasoavana sy famindrampo. Ny tontolo voalohany ho an'ny fiankohofana dia ny fiangonana eo an-toerana izay iangonan'ny vahoakan'Andriamanitra, tsy ho amin'ny fifantohana amin'ny tena na fanandratan-tena, fa amin'ny fanetre-tena sy fanoloran-tena. Ny fiankohofana dia ny fiangonana manompo an'Andriamanitra amin'ny fitiavana sy fankatoavana.

Ny fiankohofana/fanompoam-pivavahana no tombontsoa sy andraikitry ny vahoakan'Andriamanitra voalohany. Fiangonan'ny fiarahamonin'ny fanekena eo anatrehan'Andriamanitra izy io hanambarana sy hankalazana ny maha-Izy Azy an'Andriamanitra, ny nataony, ary izay ampanantenainy fa hataony.
Ny fiangonana eo an-toerana miankohoka no famantarana fototra antsika. Amin'ny ankapobeny, dia Kaongregasiona manao fanompoam-pivavahana eo an-toerana ny fiangonan'ny Nazareana, ary ao amin'ny kaongregasiona eo an-toerana sy amin'ny alalan'ny kaongregasiona eo an-toerana no ahatanterahan'ny iraka. Ao amin'ny fiankohofana/fanompoam-pivavahana no ahitan'ny iraky ny fiangonana ny tena dikany sy ny lalana tokony halehany. Amin'ny fitoriana ny Teny, ny fankalazana ny sacramenta,ny famakiana am-pahibemaso ny Soratra Masina, ny fihirana, fiombonam-bavaka, ary ny fanolorantsika ny am-pahafolon-

karena sy fanatitra no ahafantarantsika mazava ny dikan'izany hoe vahoakan'Andriamanitra izany. Ao amin'ny fanompoam-pivavahana no tena ahazoantsika mazava indrindra ny dikan'izany hoe miara-miasa amin'Andriamanitra ao amin'ny asa-panavotana izany.

Fototra ho an'ny fiangonantsika ny iraka fiankohofana. Satria kaongregasiona manao fanompoam-pivavahana eo an-toerana ny Fiangonan'ny Nazareana, dia ho tafiditra ao anatin'ny iraka fiankohofana tanterahintsika ny fanoloran-tena tsy tapaka ho amin'ny fanombohana kaongregasiona vaovao.

3b. Ny iraka fiantrana sy fitoriana ny filazantsara

Amin'ny maha-olona izay natokana ho an'Andriamanitra antsika, dia miombona amin'ny Fitiavany ny very sy ny Fiantrany ny mahantra sy ny malahelo isika. Manentana antsika hitory ny filazantsara, haneho fiantrana, sy ny rariny eo amin'izao tontolo izao ilay Didy Lehibe sy ilay Iraka Lehibe. Noho izany indrindra no anolorantsika tena hanasa ny hafa ho amin'ny finoana, hitsinjo ireo ory, hanohitra ny tsy rariny sy hiaro ny tratry ny tsindry hazo lena, hiaro sy hitandro ireo loharano ao amin'ny voaharin'Andriamanitra, ary hampiditra izay rehetra izay hiantso ny anaran'ny Tompo ho isan'ny namantsika.

Fomba anehoan'ny fiangonana ny fitiavany an'Andriamanitra ny iraka tanterahiny eo amin'izao tontolo izao. Tantaran'Andriamanitra mampihavana izao tontolo izao Aminy, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy ny tantaran'ny Baiboly (II Korintiana 5:16-21). Irahina ho eo amin'izao tontolo izao ny fiangonana hiara-hiasa amin'Andriamanitra ao amin'izany asam-pitiavana sy fampihavanana izany amin'ny alalan'ny fitoriana ny filazantsara, fiantrana, ary fahamarinana.

Samy ivon'ny fahazoana ny iraka tanterahintsika ny Iraka Lehibe sy ny Didy Lehibe. Fanehoana iraka tokana amin'ny endrika roa samy hafa ireo, lafiny roa amin'ny hafatry ny filazantsara tokana. Jesosy, izay mandidy antsika hoe " Tiava

an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra ... Tiava ny namanao tahaka ny tenanao" (Matio 22:37,39), dia miteny amintsika koa hoe "mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo" (28:19-20)

Mahakasika ny olombelona rehetra ny iraky ny fiangonana eo amin'izao tontolo izao satria samy manan-danja avokoa ny olona rehetra, izay nohariana tahaka ny endrik'Andriamanitra. Iraka omena antsika ny mitia sy manome lanja ny olona tahaka ny itiavan'Andriamanitra sy anomezany lanja azy ireo, dia ilay Andriamanitra izay te-hitondra fiadanana, rariny, ary famonjena amin'ny ota ho azy ireo amin'ny alalan'i Kristy. Iraka tanterahintsika ny miantra sy mitsinjo ireo ory. Iraka tanterahintsika ny manohitra ny rafitra sy ny fomba ara-tsosialy izay mampihena ny lanja sy manambany olona.

Mahakasika ilay olona iray manontolo ny iraky ny fiangonana. Noharian'Andriamanitra manontolo isika, ary andraikitsika ny maneho ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny olona amin'ny lafiny rehetra – vatana, saina, ary fanahy. Iraka tokana misampatsampana, mahasahana ny ara-batana, ny ara-pietseham-po ary ara-panahin'ny olona ny iraka fitoriana ny filazantsara, fiantrana, ary fampanjakana ny rariny.

Mahakasika ny olombelona rehetra ny iraky ny fiangonana eo amin'izao tontolo izao satria tonga teo amin'izao tontolo izao Jesosy Kristy hamonjy izay rehetra miantso ny Anarany. Amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra antsika, dia tombontsoa sy andraikitsika ny mizara ny vaovao mahafalin'ny filazantsara amin'izay rehetra te-handre. Na an-karihary na fijoroana vavolombelona iray amin'ny iray, dia tokony hazoto hanasa ny olona hino an'i Jesosy Krity hatrany isika rehefa misy fahafahana manao izany.
Mahakasika ny olona rehetra ny iraky ny fiangonana satria nalatsaka tamin'ny olombelona rehetra ny Fanahy Masina

tamin'ny Pentekosta (Asa 2). Iraka tanterahintsika ny manambara ny filazantsaran'ny famonjena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy amin'ny olona rehetra eto an-tany. Omen'ny Fanahy Masina hery handeha eo amin'izao tontolo izao isika hanambara ny Fnajakana sy hiara-hiasa amin'Andriamanitra amin'ny fanorenana ny fiangonana.

Amin'ny fanantenana sy fisainana mihabo no anatanterahantsika ny iraka nomen'Andriamanitra antsika eo amin'izao tontolo izao. Mihoatra noho ny fitserana ny olombelona na ezaky ny olombelona izany. Valin' ny antson'Andriamanitra ny iraka ataontsika. Fiarahantsika miasa amin'Andriamanitra amin'ny iraka fampihavanana ao amin'ny Fanjakana. Fanehoana sy fijoroan'ny fiangonana vavolombelona ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra amin'izao tontolo izao io – amin'ny fitoriana ny filazantsara, fiantrana, ary fampanjakana ny rariny. Finoantsika ny fahafahan'ny fahasoavan'Andriamanitra manova ny fiainan'ny olona simban'ny ota sy mamerina azy ireo ho araka ny Endriny.

3c. Iraka fanaovana mpianatra

Natao ho – ary natao hanasa ny hafa ho – mpianatr'i Jesosy isika. Miaraka amin'izay ao an-tsaina, dia anjarantsika ny mamolavola ny fitaovana (Sekoly Alahady, fianarana Baiboly, vondrona mifampiandraikitra, sns) izay hatao hitomboan'ny mpino amin'ny lafiny fahazoana ny finoana Kristiana, sy ny fifandraisany amin'Andriamanitra ary ny fifandraisana izy samy izy. Amin'ny fahazoantsika azy dia tafiditra ao anatin'ny fanaovana mpianatra ny fanolorantsika tena hankato an'Andriamanitra sy ireo fitsipi-pinoana. Mino isika fa mila mifanampy amin'ny alalan'ny fifanohanana, fiarahana Kristiana, ary fifampiandraiketana mba hahafahana miaina ilay fiainana masina. Hoy i Wesley hoe: "nomen'Andriamanitra ny hafa isika mba hifanamafy tanana".

Fomba fiainana ny fahatongavana ho mpianatra. Ilay dingana fianarana ny fomba tian'Andriamanitra hiainantsika eo amin'izao tontolo izao io. Rehefa mianatra miaina amin'ny

fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra, amin'ny fanarahana ireo fitsipi-pifehezana ara-pinoana, ary amin'ny fifampiandraiketana isika dia manomboka mahazo ny tena fifaliana amin'ny fiainana misy fifehezana sy ny dikan'ny fahafahana ho an'ny Kristiana. Tsy fiezahan'ny olombelona manaraka ny fitsipika sy ny lalàna fotsiny ny fahatongavana ho mpianatra, fa fitaovana ampiasain'ny Fanahy Masina itondrana tsikelikely antsika ho an'ny amin'ny fahamatorana ao amin'i Kristy. Amin'ny alalan'ny fahatongavana ho mpianatra no ahatongavantsika olona manana ny toetra Kristiana. Ny tanjon'ny fahatongavana ho mpianatra amin'ny farany dia ny hahatonga antsika ho voaova hanahaka an'i Kristy (II Korintiana 3:18)

Rehefa mianatra sy mandinika ny Soratra Masina ny Kristiana dia mahita loharano mamelombelona amin'ny lohasaha mampangetaheta eny amin'ny dia hahatongavana ho mpianatra diaviny. Satria velombelomin'ny fanasan'ny Teny ny mpianatra, voadio tamin'ny fisitrihana tao amin'ny Teny, misotro lalina ny fahamarinan'ny Teny, dia tolagaga mahita fa "miova amin'ny fanavaozana ny saina" (Romana 12:2). Toy ny lalana malalaka sy avo ny làlana sokafan'ny làlana Kristiana eo anoloan'izy ireo. Ary satria entanin'Andriamanitra Izy, dia miroso amin'ny fomba fiainana izay manakona ny soatoavin'ny olombelona sy ara-kolotsaina tsotra. Rehefa velombelomin'ny loharanon'ny Teny ny mpianatra, dia manome ny fiainany ao anaty fanompoana mihoatra ny tena.

Ekentsika ny lanjan'ny fifehezan-tena ara-panahy amin'ny fanofanana vehivavy sy lehilahy ho mpianatr'i Kristy. Sady mandeha ho azy no fanoloran-tena an-tsitrapo eo amin'ny fiainan'ny mpino ny fifehezana amin'ny vavaka sy fifadian-kanina, fiankohofana, fianarana, fitokanana, fanompoana, ary fahatsorana.
Mitaky fifanohanana sy fifampiandraiketana am-pitiavana ny fahatongavana ho mpianatra. Raha isika irery, dia vitsy amintsika no hampivelatra fitsipika ara-panahy izay mitondra any amin'ny fahamatorana Kristiana. Mino isika fa ilaina

amporisihana ny fifanohanana azo amin'ny alalan'ny fitaovana toy ny Sekoly Alahady, vondrona mpanao mpianatra, vondrona mianatra Baiboly, fivoriam-bavaka, vondrona mifampiandraikitra, ary ny fanoloran-tsaina Kristiana izay ilaina hanofanana sy hampahamatotra ny ara-panahintsika. Mamporisika antsika hanohana ny toerany ao amin'ny Kaongregasiona Kristiana ankehitriny ny fanekena ny anjara toeran'ny fandraisana andraikitra ao amin'ny fivoriana Wesleyana.

3d. Ny iraka fampianarana ambony

Manohana ny fampianarana Kristiana isika, izay ahafahana mampitaova lehilahy sy vehivavy ho amin'ny asa fanompoana Kristiana. Tanterahintsika ao amin'ny seminera, ny kolejy Biblika, ny fianarana ambaratonga ambony, ary ny oniversite ny fikarohana fahalalana, ny fampiroboroana ny toetra kristiana, ary ny fampitaovana ny mpitarika hanatanterahana ny antso ho amin'ny fanompoana ao amin'ny fiangonana sy eo amin'izao tontolo izao izay nataon'Andriamanitra.

Isan'ny ivon'ny iraky ny Fiangonan'ny Nazareana ny fampianarana ambony Kristiana. Tany amin'ny fiandohan'ny Fiangonan'ny Nazareana dia natao hanomanana lehilahy sy vehivavin'Andriamanitra ho amin'ny fitarihana sy ho amin'ny asa fanompoana Kristiana hampielezana ny fifohazam-panahy ho amin'ny Fahamasinana –Wesleyana maneran-tany ny fametrahana fampianarana ambony Kristiana. Ny fanohizantsika ny fampianarana ambony Kristiana dia niteraka tambajotra-na seminera, sekoly Biblika, kolejy, ary oniversite maneran-tany.

Avy ao amin'ny dikan'ny atao hoe vahoakan'Andriamanitra no ipoiran'ny iraka ho amin'ny fampianarana ambony Kristiana. Tokony hitia an'Andriamanitra amin'y "fo, ny saina, ary ny fanahintsika" manontolo isika. Noho izany, dia tokony ho mpitandrina tsara isika eo amin'ny fampandrosoantsika ny saintsika, ny fitaovana ampiasaina amin'ny fianarana ambony, ary amin'ny fampiharana ny fahalalantsika. Arak'izany, ny

fandratohantsika fahalalana sy fahamarinana amin'ny fomba madio sy mangarahara dia tokony ampiarahana amin'ny fahamarinan'ny finoana Kristiana tanantsika. Sehatra iray lehibe sy ilaina hampiroboroana ny fahaizana mitandrina ny saintsika ny fampianarana ambony Kristiana. Natao ho sehatra voafaritry ny firesahana sy ny fahitana ny marina sy ny fahalalana momba an'Andriamanitra sy ny voaharin'Andriamanitra rehetra izy io.

Tsy zarazaraina handeha mitokana ny finoana ao amin'ny fampianarana ambony Kristiana, fa ampiarahana amin'ny fahalalana satria miaraka ampiroboroana ny finoana sy ny fianarana. Mifanaraka amin'ny faniriana sy ny tendrin'Andriamanitra avokoa ny fampiroboroboana ny lafi-pisainana sy lafi-piainan'ilay olona. Tefena hifanaraka amin' ny fianarana mikasika an'Andriamanitra, ny olombelona ary izao tontolo izao ny toetra Kristiana sy ny fampitaovana mpitarika Kristiana ho amin'ny asa fanompoana eo amin'ny fiangonana sy eo amin'izao tontolo izao.

Tena ilaina hampiroboroana vehivavy sy lehilahy Kristiana ho amin'ny fitarihana ny iraka eo amin'ny fiangonana sy eo amin'izao tontolo izao ity fanekena hanofana ilay olona iray manontolo ao amin'ny fampianarana ambony Kristiana ity.

Satria olom-boavonjy nantsoina hanahaka an'i Kristy sy nirahina haneho ny fitiavan'Andriamanitra eo amin'izao tontolo izao isika, dia miara-miasa amin'Andriamanitra ao amin'ilay asa fanavotana ny olombelona. Manana anjara lehibe amin'ny fahatongavantsika ho olona mahatanteraka izany iraka izany ny fianarana ambony Kristiana – manolotra sokajim-pahalalana malalka – ary ilaina hanaovana asa fanompoana mahomby ho an'Andriamanitra eo amin'ireo sehatra isan-karazany anatanterahantsika izany. Ny fandraisana antsika anjara amin'ny asam-panavotan'Andriamanitra dia mitaky fananganantsika lehilahy sy vehivavin'Andriamanitra izay afaka maka ny toeran'ny mpanompo Kristiana mpitarika ao amin'ny fiangonana sy eo amin'izao tontolo izao.

Miha-mifandray akaiky sy miha-manahirana isan'andro ny tontolo izay niantsoana antsika. Satria miroso ao amin'ny taranaka ankehitriny sy ho avy ny asam-panavotan'Andriamanitra, dia hitohy hitaky fihazonana mafy ny fampianarana ambony Kristiana ny fijoroantsika vavolombelona ny amin'ny maha-Tompo an'i Kristy sy ny fiarahantsika miasa mahomby amin'Andriamanitra.

Famaranana

Teraka teo amin'ny fiolanan'ny taonjato faha-20 ny Fiangonan'ny Nazareana! Resy lahatra tanteraka i P.F Bresee sy ireo hafa fa nantsagan'Andriamanitra hanambara amin'ny fiangonana sy izao tontolo izao ny filazantsaran'i Jesosy Kristy araka ny foto-kevitry ny Fahamasinana–Wesleyana izy ireo. Misy marika famantarana tsy azo ihodivirana napetrak'Andriamanitra eo amin'ity fiangonana ity. Avy amin'ny hetsika vao tsy ela akory izy, dia efa mihoatra ny 1.3 Tapitrisa ny mpikambana ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana ary manao asa fanompoana ao amin'ny firenena 119 maneran-tany izy.

Tsy mbola namiratra toy izao ny ho avin'ity fiangonana ity, ety amin'ny fiolanan'ny taonjato faha-21! Maro ny mino fa tsy natsangana ho an'ny taonjato faha-20 isika, fa ho an'ny taonjato faha-21. Natao handray anjara mavitrika ao amin'ny tontolo moderna misy antsika isika. Mifototra amin'ny foto-kevitry ny Fahamasinana-Wesleyana nolovaintsika miaraka amin'ny fanasongadinany ny fahasoavana izany filazana izany. Mino isika fa afaky ny ovain'ny fahasoavan'Andriamanitra tanteraka ny toetry ny olombelona ary ny fiarahamonina. Matoky marina izany hafatra izany isika, dia hafa-panantenana izay mikoriana avy am-pon'ilay Andriamanitsika masina.

Tian'i P.F Bresee ny niteny hoe: "tsy mody maraina, izany, ny masoandro". Mbola maraina izao ao amin'ny Fiangonan'ny Nazareana, ary tsy hilentika eo amin'ny fiangonantsika maneran-tany na oviana na oviana ny masoandro. Tena mino

isika fa afaka mikasika ny tontolo amin'izao taonjato faha-21 izao amin'ny hafatry ny Fhamasinana! Amin'ny vina mazava, fanoloran-tena feno, ary finoana mafy orina, no andraisantsika ny taonjato ho avy ho andro tena ahafahantsika indrindra manao mpianatra ny firenena hanahaka an'i Kristy.